Lasa izay ny 26 jona 2010, koa!!

Lasa izay ny 26 jona, inona no zavatra nanaitra anareo indrindra ?

Roby :Maro ny malagasy tsy niraika tamin'izany fety izany nohon'y toe-javatra misy any Madagasikara. Nikofokofoka marina taty Frantsa i renimalala nanampy ny collabos hanao fety,na ny Associations, na ONG, na politique (de droite), na villes dia nasaina nikarakara, nanao izay ho afany fa toa tsy nahazo fahafaham-po mihintsy.

Toy ahoana no nandraisan'ny malagasy nanodidina anareo io andro io ?

Roby :-Nisy ny tsy nankasitraka satria ny mpanongam-panjakana no nikarakara sy nitarika, nitady "reconnaissance" amin'io hetsika fankalazàna io

- Nisy ny nihevitra fa fetim-pirenena io koa na misy inona na misy inona dia hifaliana.

Inona no anton'ny tsy naneken'ny malagasy sasany hankalaza toy ny mahazatra an'io 26 jona io , tamin'ity taona ity?

Roby: -Satria ny mpanongam-panjakana no eo amin'ny fitondrana. Mpanongam-panjakana tohanan'ireo mpanjanaka, koa tsy misy fahaleovan-tena ankehitriny ao Madagasikara fa ny mpanjanaka no manjaka, izy no "conseillers"n'i Rajoelina sy ny governemantany, izy no mibaiko ireo miaramila voavidy (putschistes), satria izy no manome vola , karama azy.

Misy dikany izany ny fikarakaran'ny renimalalan'ny FAT ny fetim-(pirenena malagasy?

Ny fanaovana fety amin'ity 26 jona ity izany dia fanakonana io fanjanahana miafina (neocolonialisme) misy any Madagasikara io, ka tsy eken'ny malagasy tsy voavidin'izany.

Hita fa nandany vola be ny FAT, hamalifaliana ny malagasy (fanafarana artistes, fizarana vary, fanasana manetriketrika taty andafy na dia tsy nahazo olona toy ny fahita aza (250 tao @ ambasady raha 1000 taloha)

Inona no hetsika nataon'ny GTT tamin'io 26 jona io?

Nisy GTT tonga naneho ny tsy fankasitrahany tao amin'ny ambasady ny maraina, nandritra ny FAT nanao fety.

Inona no nitranga, ary nahasakana ny FAT tsy hanao fety ve ry zareo?

Tonga maraina tao tokoa ny GTT sasany, alohan'ny nankanesany namonjy ny manif sy la marche natao avy eny Trocadero nakeny amin'ny Place de la Colombie, izay tsy lavitra loatra ny ambasady.

Vao teny amin'ny fiandrasana ny ekipa ho tonga aloha dia efa nisodisody ny Renseignements Géneraux-n'i renimalalan'i Rajoelina & Co.Nampihomehy fa ao ny sasany mody manao sport, ao ny mody mamaky gazety, tsy norarahiana'ny GTT. Ny naka sary teny aloha tsy nisy fa efa nomen'ny tao amin'ny ambasady andreniny ny sarin'ny GTT rehetra koa tsy nampiraika intsony.

Lasa izay ny 26 jona 2010, koa!!

Vao nanatona ny ambasady indray ny GTT dia nosakanana polisy, nasiana perimètre de securité, tsy afahana mandroso. Ny car polisy nanodidina ny Ambasady dia efa nihoatra ny folo. Tsy nampiraika ny GTT izany fa ny tanjona dia ho hitan'ireo mpifety fa misy malagasy tia tanindrazana tsy mankasitraka ny hanaovany fety amin'ny volan'ny malagasy izay mijaly, tsy an'asa, tsy sakafo ho hanina.

Izany dia nambara an'ireo izay nandalo, ireo foza nasaina, na ny niditra na ny nivoaka, ka nihisakisaka toy ny foza marina ny fandehan' ny sasany, sady miondrika no mikisaka, nisy niantso namana alohan'ny hidirana, misy ny nahita lavitra dia niverina nody.

Dia inona no niafarany?

Roby: Rehefa voasakana tsy hanatona ny vavahady toy izany ny GTT dia niova taktika indray ka nanao caravane tamin'ny fiara, nandalo teo anoloan'ireo mpanao fety ary nihorakoraka hoe "HAT ASSASSINS" Nohazavaina tamin'ny polisy sasany moa ny zava-misy any Madagasikara, ary nolazaina koa hoe iza ireo manao fety ireo, koa navelany hihorakoraka teo ny GTT, dia nasiany naka toerana tsy lavitra tery amin'ny fijanonana Bus, fa nanomboka nanisy embouteillage fa maro ny fiara nijanona.

Vita izany dia niandry ny fivoahan'ny foza mpanao fety indray ny GTT koa izay nandalo teo akaikiny dia nahazo ny anjarany.

Rehefa avy eo dia namonjy nanatona ny kianja nisy ny GTT namana sasany teo amin'ny Place de la Colombie; koa teo ny GTT rehetra tsy nisy ankanavaka no nampiseho ny firahalahiana tamin'ny vavaka sy kabary fankaherezana, izay niafara tamin'ny fizarana sakafo maivana nataon'ny Collectif GTT ary koa ny fikarakarana ny kojakojany (sono...), izay hisaorana azy tokoa, misaotra ny GTT Inter nikarakara ny fialofana sy ny kojakoja hafa koa, misaotra ny GTT-IDF nitondra ny herimbaratra (groupe electrogène) sy nikarakara ny avy any amin'ny Provinces (fitadiavana hotely, sakafo atoandro sy hariva)

Dia tamim-piravoravoana, nohon'ny fiarahana mitolona no nisaraka ny diaspora tia tanindrazana rehefa hariva manaton'alina ny andro.

Misaotra indrindra Roby tamin'izany fanazavana izany.